
# NY TENY FIAINANA




*"Fa hoy izaho: mandehana araka ny Fanahy, dia tsy hahatanteraka ny filan'ny nofo hianareo."*

***Galatiana 5:16***

**Rindran-kira « Tamberina »**

## Hamerenana ireo hiran'ny taona 60 - 70 - 80

Ireo hira tsy mety vasoky ny vanimpotoana nifandimby ary mbola tsy afaka am-bavan'ny maro mandraka ankehitriny, mirakitra tsiahy sy fahatsiarovana zary tantara mitoetra izay nojarian'ireo Andrarezin'ny mozika malagasy tany amin'ny taona 70 hatramin'ny 80. Ireo no hojifain'ireo Liankanto eto Analamanga, ny tolakandron'ny rahampitso alahady 14 novambra, hanomboka amin'ny ampamatoran-janak'omby (03 ora tolakandro), etsy amin'ny CCESCA Antanimena.



*Ny Baobab, hiantsoroka ny « Tamberina ».*

Nomarihan'i Mami, mpiketrika ny « Tamberina » anarana nasalotra ny rindran-kira fa noezahana, araka izay azo natao ny tsy nanova ny fomba fihira, ny fandrindrana ary ny fanehoana an-tsehatra ireo hiran'ny taona 60 - 70 ary 80. Anton'izany ny tsy hampiova ilay « fanahy » voarakitra anatin'ireo sanganasa, hoy ihany ny lehilahy. Nahazoana fahazoan-dalana avokoa tamin'ireo tompon'ny sanganasa ny hamerenana indray ireo hiran'izy ireo ao anatin'ny « Tamberina ».

**Ambohimpihaonan'ireo Andrarezina**

Anisan'ireo hatamberina eny an-toerana ny hiran'ny tarika Rambao, Ramy Franck, Ny Ambio, Vola sy Noro, Troupah (Jean Rabary), Ny Nanahary, Olivier Andrianarivony, Bouboul, Valolahy sns … Hanolotra sy hitondra ny fanentanana i Clara, feo sy endrika tsy zoviana amin'ireo nanaraka ny Radiom-pirenena malagasy tamin'izany fotoanandrony. Ho avy eny an-toerana ihany koa ireo mpanakanton'ny taona 60, 70, ary 80 mbola velon'aina ankehitriny.

Ny tarika Baobab, ahitana mpikambana miisa 08 mianadahy no hiantsoroka ny fanatanterahana ny « Tamberina ». Izy ireo izay nanambara, fa tsy hilahatra amin'ireo mpanakanto voasokajy ho goavana fa tsy mena-mitaha amin'izy ireo kosa ny zavabitan'ny « Baobab ». Dingana manaraka ny hitondrana ny rindran-kira « Tamberina » any amin'ny faritra ary hipaka hatrany Dilambato mihitsy aza izany ho fanehoana amin'ny rehetra fa manana ny maha izy azy sy ny hasiny ny mozika novokarin'ireo mpanakanto Malagasy tany amin'ny taona 60 hatramin'ny 80, koa mendrika holovain'ireo taranaka aty aoriana hanjary vatsin-dalana hamakivakiana ny fiainana an-tany.

***Lalasoa R.***

**Mozika Rap**

## Miala any ny « Akon'ny nafenina »

Raha toa ka heverina fa efa be no vitan'ireo Zokibe, teo amin'ny filalaovana ny rap teto Gasikara dia tsy mikely soroka manabe voho ity mozikan'ny tanàn-dehibe efa mahazo faka hatrany ambanivolo ity, ireo Zandry mahaleo mahalasa ankehitriny.

Anisan'ireny i Goostmeh, tanora vao erotrerony avy any Toamasina miangaly ny Rap. Anio sabotsy, etsy amin'ny Madagascar Underground Antsahavola, ny tovolahy no hanolotra ampahibemaso amin'ny alalan'ny seho miavaka ilay kapila mangirana « Akon'ny nafenina ». Sanganasa miisa 10 no handrafitra ny « Akon'ny nafenina ».




*Goostmeh, tanora manabe voho ny Rap.*

**Mitory fihavanana, firaisankina ary firahalahiana**

Miompana betsaka amin'ny fanentanana ny ambanilanitra manam-panahy hikolo mandrakariva ilay soatoavina sy ny vakomanitra Malagasy toy ny fihavanana, firaisankina, sns … antoka nampirindra ny fiaraha-monina fahagola, ny tononkira raiketin'ny « Akon'ny nafenina », hoy i Goostmeh. Ity farany izay nikirakira ny mozika rap efa tany amin'ny taona 2011.

Anisan'ny vazo nahafantrana an'i Goostmeh ny « Mahantra very havagna ». Mampiavaka azy ilay rima voarindra amin'ny endrika kanto mirakitra hafatra mafonja sahaza ny isam-baravarana. Ho an'ity mpanakanto ity, manabe, manala voly ary mampita hafatra ny mpiangaly ny mozika rap.

Ho avy hanotrona sy hanasina ity fotoana sarobidy loatra ho an'ny mpitia mozika rap ity, eny Antsahavola, anio sabotsy 13 novambra, i Liloscarnivor sy Yrist. Izy ireo izay samy hivazo ny sanganasan' i Goostmeh. Azo jifaina eny an-toerana ihany koa ny kapila « Akon'ny nafenina ».

***Lalasoa R.***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny fihaonan'ny Ben'ny tanàna sy mpanolo-tsaina TIM tamin'ny filoha Ravalomanana tao Bel'Air.**





